AMBATOMIRAHAVAVY

# NOVONOINY NY MPAMPIASA AZY, NATSIPINY TAO ANATY LAVA-PAKO

5


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7752 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 22 desambra 2023


MARINA IZANY ! 7

## MIFANITSA-KITRO !

HOLAFITRY NY INFIRMIERA 9




## TSY HANAIKY NY FIVAROTANA DIPLAOMA ATAON'NY SEKOLY SASANY

LOMANO 2

## NANAMONTSANA NY ZAVA-BITA TSARA INDRINDRA I TENDRINAVALONA

SAINTE MARIE
EKAR AMBODIFOTATRA 4

## EO AM-PANANGONANA NY HEVITRA HAHATONGA AZY HO HAREM-BAKOKA

ZOMA MAHAFINARITRA 4

FANANTENANA FAFI V 9

## NIZARA SAKAFO HO AN'NY MAREFO ARA-PIVELOMANA

FAHANTRANA - TSINDRIHAZOLENA ... 8

# MANKAHERY NY MALAGASY



# NY HAFATRA KRISMASY FFKM







Lomano - "Short course Thailande"

## Nanamontsana zava-bita tsara indrindra i Tendrinavalona

Telo volana monja taorian'ny nanarahany fiofanana any Bangkok Thailande, mioty vokatra tsara sahady i Tendrinavalona Idealy Diaritiana, eo amin'ny taranja Lomano. Mandray anjara amin'ilay « PTT Thailand Age group swimming short course championship », nanomboka ny 21 desambra teo ary hifarana amin'ny alahady 24 desambra ny tenany, ka tamin'izany no nahavitany nanamontsana zava-bita tsara indrindra teo amin'ny sokajy « open », ho an'ny 200m dos. 2'25''47 no nahavitany izany tany Thailande raha 2'25''70 no fe-potoana tsara, izay izy ihany no nahavita izany tamin'ny 1 marsa 2020 . Ankoatra izay, MP na fanatsarana fe-potoana vaovao ihany koa izany eo amin'ny sokajy Junior. Nandrombaka medaly volamena moa Idealy teo amin'ny sokajy 19 taona no mihoatra. Nambarany fa efa nampoizina ihany izao vokatra izao, satria tena mafy ny kotrana vao nahavita an'io indray. Efa tany amin'ny taona 2020 no nanao anio "meilleur temps" io farany. Tsiahivina fa tamin'ny 21 oktobra no tonga sy nanaraka ity fampiofanana ity tany Thailande i Tendrinavalona Idealy. Hifarana amin'izao desambra izao ny fandraisana anjara amin'ny sokajy Junior fa hanomboka amin'ny janoary 2024 dia efa tafiditra anatin'ny sokajy senior izy. Maharitra herintaona moa ny fiofanana ataony any Bangkok Thailand, izay azo antoka fa mbola hivoatra be izy mandritra izany. **Rabenaivo**

Taekwondo - Taom-pilalaovana 2023

## Tratra ny tanjona ho an'i Nicolas Ragonz



**Tsy afaka manao "miracle" ny atleta na dia manana traikefa aza, hoy i Nico.**

Anatin'ny fanaovana tombana ny taona lasa sy fijerena ny taona ho avy avokoa ireo atleta amin'izao fiafaran'ny taona izao. Anisan'izany Randriamiandrisoa Nicolas, eo amin'ny taranja Taekwondo. Toy izao ny resaka nifanaovana taminy.

***Gazetiko*** : Hivalona andro vitsy ny taona 2023, azonao tantaraina ve ny fifaninanana natrehinao sy ny vokatra azo nandritra izany.

***Nicolas Randriamiandriisoa*** : Efa hifarana tokoa ity ny taona afaka andro vitsivitsy, tsy dia nisy firy ny fifaninanana, satria ny fampiofanana no tena nibahana tamin iny taona iny. Na izany aza, ny « objectif » aloha dia tratra na dia somary tery ihany ny fanomanana. Anisan'izany ny nahazoana medaly volamena tamin ny lalaon'ny nosy sy ny medaly alimo nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Frantsa .

***Gazetiko*** : Inona no mety ho antony nahazoana vokatra tsara ary inona no mety ho anton'ny tsy fahombiazana raha nisy ?

***N.R*** : Ny antony nahazoana vokatra tsara dia ny fanomanana. Rehefa tsara ny fiomanana dia tsy maintsy misy vokatra foana. Araka ny lazaiko dia tsy afaka manao « miracle » na dia manana traikefa aza, rehefa ratsy ny fanomanana dia tsy misy vokatra koa.

***Gazetiko*** : Hanao ahoana kosa ireo hetsika na fifaninanana miandry anao amin'ny taona 2024

***N.R*** : Ny hetsika amin'io taona 2024 io tsy dia misy firy aloha hatreto, satria haka fahafinaretana amin ny fanarahana ny JO. Eo am-piandrasana izany izahay dia mamita ny « programme » manome "stage". Dia mirary fety sambatra ho antsika rehetra. **Rabenaivo**

Judo - "Tournoi de Noël"

# Ireo kilonga madinika no tena omena vahana

Amin'izao ankatoky ny fetin' ny krismasy izao dia betsaka ireo ligim-paritra mikarakara fifaninanana, eo amin'ny taranja Judo. Ho an'ny ligin'Analamanga dia ny "Judo noêl inter-clubs" no hetsika nosafidiany, izay hatao etsy amin'ny kianja mitafon'ny ANS Ampefiloha raampitso asabotsy 23 desambra. Ny klioba Do judo, Hakudokan, excelsior sy Wisdom Madagascar no hifaninana, izay miaramiasa amin'ny ligin'Analamanga eo amin'ny fikarakarana ity hetsika ity, ka ny sokajy poussins, benjamins, minimes no handray anjara amin'izany. Nambaran'ny filohan'ny ligin'Analamanga,

*Fomba fiasa vaovao, ireo klioba no mikarakara fa manampy sy manara-maso ny ligy.*

Raoelison Vola, fa fomba fiasa vaovao izany, ka tsy voatery ho ny ligy foana no mampilalao fa afaka manao zavatra miaraka ny klioba saingy manampy sy manara-maso ny ligy. Tsy ambaninjavatra ihany koa fa mikarakara hetsika ry zareo ligin' Atsinanana. "Tournoi de Noél" hotontosaina rahampitso 23 desambra any amin'ny kianja mitafon'ny CRJS Toamasina. Natokana ho an'ny sokajy « poussins, benjamins, minimes" ihany koa izany, izay mazava ho azy fa fampilalaovana ny ankizy amin'izao fetin'ny Noely izao no tena antony. Somary hiavaka kely kosa ny an-dry zareo ligin'i Vakinankaratra. Nosafidiany manokana ny "rencontres inter-clubs", hatao ao amin' ny ACMIL Antsirabe amin'ny 28 desambra. Toy ny an' iretsy ligy namany, natokana ho an'ny sokajy « poussins, benjamins, minimes» ny fifaninanana ho an'ny olontokana fa nampandrasiny anjara ireo sokajy hafa "cadet – juniors – seniors", fa ady ho an'ny isan-tarika kosa no hifaninanana ho azy ireo.

**Rabenaivo**




Isambilo Dôzera (Team Lalao)

# Mampifandray am-po ny mpiara-miasa ny fiarahana miala voly

Mampifandray am-po, mampihavana, manamafy ny fifandraisana eo amin'ny mpiara-miasa. Izay no tombotsoa lehibe azo amin'ny fampiarahana ny mpiasa mialavoly sy milalao. Anisan' ny teny nambaran'Isambilo Dôzera, tomponandraikitra voalohan'ny orinasa Team Lalao, io, raha nitafatafa taminay. Telo taona teo ho eo izao no nijoroan'ny Team Lalao, fa efa tany amin'ny taona 2011 tany ho any izy no nilona tao anatin'ny hatsikana sy ny fanentanana. Tao anatin'izay fepotoana izay dia orinasa maherin'ny 100 no efa miara-miasa amin'izy ireo. Fa ankoatra izay, maro ihany koa ny fiangonana, ny orinasa, ary ny fianakaviana miantso azy ireo hampilalao. Mampiray fo sy mampitombo ny fifankatiavana eo amin'ny mpiaramivavaka sy ny fianakaviana ny fiarahana milalao, araka ny fanazavany hatrany. Efa samy mahatsapa avokoa ireo rehetra niara-niasa tamin'izy ireo fa nandray vokatra tsara tamin'ilay fiarahana. Manana teknika sy kolontsaina hafa mihitsy mantsy ny ekipan'Isambilo Dozera rehefa mampilalao ary manana karazan-dalao mifanaraka amin'ny filàn'ny mpiara-miasa aminy. "*Samy hafa ny lalao hampanaovina ny mpiara-miasa, izay mbola hafa ihany koa arakaraka ny taonany. Toraka izany koa ny fianakaviana sy ny fiangonana*", hoy ny fanazavany. Fa inona no tsiambaratelon'ity Isambilo Dozera ity ?

**Antso**

Nanao skoto nandritra ny 4 taona izy (2008-2012). Io no anisan'ny namolavola azy tamin'ny karazan-dalao sy nanefy azy hanana toetsaina mahay misedra sy sahisahy. Efa tao anatiny kosa anefa ny hatsikana fa niampy ny traikefa nalainy tamin'ireo mpanao hatsikana zokiny. Rehefa afaka bakalorea izy dia lasa mpanentana, satria ny mpanentana matetika teraka avy any amin'ilay hatsikana araka ny nambarany. Hafa mihitsy ny olona mpanao hatsikana rehefa manentana. "*Tsy nisafidy ny hanao hatsikana sy hanentana aho fa tonga ho azy io. Karazan' antso napetraky ny Zanahary tao amin'ny olona iray. Talenta avy amin'Andriamanitra*", hoy ihany izy. Araka izany, tsy ny olona rehetra no afaka hanentana sy hanao hatsikana na hampilalao olona izany fa talenta, zavakanto raha ny fomba



Nomeny sehatra kokoa ny vehivavy noho ny toetra matotra ananan'izy ireo.

filazany azy.

Nambarany fa amin'ny maha zavakanto azy, tsy mitsahatra mikaroka izay hampiavaka sy hanatsara ny tolotra omeny ny mpanjifany izy. Mbola ezaka ihany koa raha ny fanazavany ny fametrahana ny asany eo anivon'ny fiaraha-monina malagasy. Ny ankamaroan' ny Malagasy mbola tsy mametraka amin'ny toerana sahaza azy ny fanentanana sy ny fampilalaovana, izay ahazoana vokatra tsara, satria ilain'ny vatan'ny olombelona hahafahany mamokatra sy miaina anatin' ny fiaraha-monina mirindra.

**Fy**

Orinasan-tserasera Airtel

# Mampifandray mpanjifa 150 tapitrisa aty Afrika




Nisaotra ny tsirairay sy mpiara-miombona antoka amin'ny fanoloran-tenany sy ny fanohanan'izy ireo ny tale jeneralin'ny Airtel vondron'ny Africa , Segun Ogunsanya.

Azo itarafana ny firoborobon' ny teknolojia vaovao sy ny haitao ara-kajimirindra ny fitombon'ny mpampiasa tambajotran-tserasera. Manana ny anjara toerana lehibe amin'izany ny vondron'ny orinasan-tserasera Airtel Afrika, noho ny fananany ireo tolotra samihafa, toy ny fikirakirana vola amin' ny finday, ny fifandraisana an-telefaonina, ary indrindra ny internety. Tanjon'izy ireo hatrany moa ny hanomezana fahafaham-po ny mpanjifany amin'ny fanomezana fihenam-bidy sy fanapariahana ny tambajotra any amin'ireo faritra lavitry ny tanan-dehibe. Amin'izao fotoana izao dia mananika ny 150 tapitrisa ny isan'ny mpanjifa eo anivon'ity vondron'ny orinasan-tserasera Airtel Afrika ity. Ity fitomboana ity dia taratry ny fahavononan'ny Airtel Africa hanatratra olona maro kokoa, amin'ny tolotra samihafa any amin'ny toerana hafa noho ny teo aloha. Amin'ny finday, ho an'ireo vondrom-piarahamonina sahirana manerana an'i Afrika atsimon'i Sahara. Ho setrin'ny fitomboan'ny tolotra, ny Airtel Africa dia manitatra ny tambajotrany ary mampiasa vola amin'ny ho avy miaraka amin'ny "fibre optique" sy "5G". Nisaotra ny tsirairay sy mpiara-miombona antoka amin'ny fanoloran-tenany sy ny fanohanan'izy ireo, ka nahafahan'ny orinasa nahavita io dingana io, ny tale jeneralin'ny Airtel vondron'ny Africa, Segun Ogunsanya.

**Tiaray R**

"Singers of Jesus"

# Mampanantena seho miavaka sady goavana anio

Efa vonona tanteraka amin' izao ny "Singers of Jesus" amin'ilay fampisehoana hataon'izy ireo ao amin'ny Ccesca Antanimena anio. Raha tsiahivina dia hanomboka amin'ny 06 ora sy sasany hariva ny fotoana amin'io. Tsiahivina ihany koa fa hivoaka amin'io ny rakitsarin'izy ireo faharoa , mitondra ny lohateny hoe "mandondona". Hiavaka dia hiavaka tokoa moa ny seho hatolotr'izy ireo, satria ankoatra ny fivoahan'io rakitsary vaovao io dia ho avy ao daholo koa ireo mpikambana rehetra efa nandalo tao amin'ny tarika nandritra izay 20 taona mahery niforonany izay. Araka izany dia hohiraina ao avokoa izany ireo hira tranainy rehetra nankafizan' ny maro ny Singers of Jesus hatramin'izay. Ho avy handravaka ny fampisehoana ao ihany koa ny orga Diamondra, izay vao sambany no hiaraka an-tsehatra amin'ny Singers of Jesus tahaka izao ka dia efa inoana sahady fa hahafinaritra sy tena hiavaka izany orga sy Gospel hiaraka izany. Mbola misy tapakila vitsivitsy ihany moa amin' izao amidy fa ho an'ireo izay tsy mahatratra intsony na koa te hijery fa tsy afaka y ho any dia azo atao tsara ihany koa ny mijery "en ligne". Efa misy ny rohy ahafahana mijery izany mivantana, azo anontaniana ao amin'ny pejy fesibokin'ny Singers of Jesus . Marihina moa fa mandoa vidimpidirana ihany ny mijery izay. Mahakasika ilay vokatra vaovao an'ny tarika kosa dia nilaza izy ireo fa tsy misy ho diso anjara amin'izany ny rehetra na ireo afaka hanatrika ny fampisehona na ireo tsy afaka, fa mbola hotenenina ao amin'ny pejin'izy ireo miandalana ihany izay toerana ahafahana manjifa izany. Eny fa na ireo mpankafy any ampitan-dranomasina any aza dia tsy ho diso anjara. Toraka izay koa ny any amin'ny faritra. Marihina moa fa izao indray ny tarika vao namoaka rakitsary hafa. Ny taona 2013 izy ireo no namoaka



Hanome ny tsara hatrany izy ireo.

ny rakitsary voalohany. Azo lazaina araka izany fa dia maro be koa ireo zavatra miavaka sy mahafinaritra ho hita ao anatin'ity vokatra iray vaovao ity. Ho hita taratra ao anatin'izany tokoa ny maha efa matihanina ny tarika tao anatin'izay 20 taona mahery nijoroany izay.

**Tanya.R**

**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Lamba, kiraro, poketra, fanaka, kilalao, debara, lakozy. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 708/20-4)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-14)

**VIDANGE**

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 707/6-6)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 707/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 707/6-6)

Ekar Ambodifotatra Sainte-Marie

# Manangon-kevitra any ifotony ny M.S.K. hampidirana azy ho harem-bakoka

Mitohy ny ezaka ataon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina amin'ny hampidirana ny Misiona Katolika ao anatin'ny lisitry ny harem-bakoka manerantanin'ny UNESCO. Tafiditra ao anatin'izany ny Fiangonana Katolika, izay fiangonana trano vato voalohany eto Madagasikara, naorina tao amin'ny nosy Sainte Marie tamin'ny taona 1837. Isan' ny dingana arahina amin' izany ny fankan-kevitry ny daholobe aty ifotony mba hampankatoavana ny tetik' asa. Notanterahina ny talata 19 desambra lasa teo izany fakan-kevitra zany. Nitarika ny delegasiona tany an-toerana ny Talen'ny Kabinetran'ny Minisitera, MSK, Haja Rasoanarivo, niaraka tamin'ny Sekretera Jeneralin'ny vomieram-pirenen'ny UNESCO eto Madagasikara, Manda Ravelojaona, sy ny Tale Jeneralin'ny Kolontsaina, Francis Razafiarison ary ireo teknisianina mikirakira ny tetik'asa. Nandray anjara tamin'izany koa ny Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina Analanjirofo Berthieu Ratsimbazafy. Vinavinaina ho amin'ny faran'ny taona 2024 no hamaranana ny antontan-taratasy hahafahana hiroso amin'ny fampidirana izao tetik'asa izao eo anivon'ny foiben'ny UNESCO.



**Nitarika ny delegasiona mafonja any Sainte Marie ny Talen'ny Kabinetran'ny Minisitera MSK, Haja Rasoanarivo.**

**Tiaray R**

CMJ

# Namoaka ny rakitsariny voalohany : "vokatry ny fanahy"

Nivoaka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny 17 desambra lasa teo ny rakitsary voalohan'ny tarika CMJ, na Colarys Messengers of Jesus. Nivoaka niaraka tamin'ny fampisehoana voalohany nataon'izy ireo ihany koa moa izy io. Na dia vao haingana aza ity tarika ity no nijoro dia efa maro be ireo mpankafy sy mpanaraka azy ireo. Porofon'izany indrindra, lany tanteraka ny tapakila tamin'io fampisehoana voalohany nataon'izy ireo io. Mbola maro be ireo tsy tafiditra ary nifandrombahana koa ny vokatra vaovao. Ho an'ireo izay mbola tsy nahazo dia azo atao ny manjifa izany eny ambonin'ny BFV Ankadikely Ilafy, toerana ahitàna ny biraon'ny CMJ. Vao tamin' ny volana janoary lasa teo mihitsy moa ity tarika ity no niforona ary nanomboka tamin'izay dia efa niketrika ity vokatra vaovao ity, ka dia tao anatin'ny herintaona latsaka izany no nanaovana azy ireo. "Vokatry ny fanahy", io no lohateny nofidin'izy ireo amin'ity vokatra ity, ahitana hira 10 ary misy gadon-kira maro, toy ny slow , sega ,rap,acoustique sns .... Ny tononkira rehetra ihany koa dia mivoy io lohatenin'ny vokatra io. Anisan'izany ohatra ny "Voankazon'ny Fanahy". Fa ankoatra izay dia hita ao avokoa ny hira nahafantarana ny groupe CMJ, toy ny "Manaiky aho", "Tano aho Jesoa". Misy tononkira mihitsy moa ao anatin'ilay rakitsary. Misy 8 mianadahy moa izy ireo no miara-mihira anatin'ny tarika ary ny mpitendry zava-maneno kosa misy 9. "Coach vocal" iray no manampy an'izay dia izay izy ireo no mandrafitra ny tarika. I Collard Mialy Rinah sy Collard Ricardo kosa no mpandrindra ny tarika amin'ny ankapobeny. Miresaka ireto farany dia tsara ny mampahafantatra fa tarika iray niforona avy ao amin'ny orinasan'izy mivady ireo ny "Colarys Concept" ity tarika CMJ ity. Raha araka ny resaka nifanaovana tamin'izy ireo dia antso ilay CMJ ary ny antso avy amin'i Tompo,ka mila fankatoavana, ka izay, hoy izy ireo, no nahatonga azy namorona ity tarika ity. Araka ny resaka nifanaovana tamin'izy ireo hatrany, dia aorian'ny paka 2024 io indray vao hanao fampisehoana izy ireo, ary hijery toerana iray malalaka kokoa noho ilay teo aloha, mba ho tafiditra daholo amin'izay ny olona rehetra. Fa ankoatra izay dia manana vina ny hamadika amin'ny teny vahiny an'ireo hira anaty rakitsary ihany koa izy ireo.



**Ny tarika CMJ.**

**Tanya.R**

HOTSAKOTSAKOINA

"Na ahoana na ahoana mety ho ankason'ny tany dia tsy miferinaina aho. Miezaka hatrany ny hanambony toetsaina, miezaka mifaly hiandrandrako ilay maraina."

**Ny Vetso (17.06.16)**

Zoma mahafinaritra

## Ho any amin'i Samoela sa hiaraka amin'i Khaleba ?

*Fialamboly roa eto Antananarivo renivohitra no atolotray eto ho an'ireo hanala azy "zoma manifika" anio :*

**Khaleba**

### Hampitsinjaka etsy amin'ny Le Glacier

Anisan'ny mpanakanto andrandrain'ny mpialavoly ao amin'ny Le Glacier Analakely i Khaleba. Anio, ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika, dia ho avy ao an-toerana avokoa ny mpikambana rehetra ao amin'ny tarika, hampitsinjaka ireo mpialavoly. Indray mandeha na indroa isan-taona eo izy no miaka-tsehatra ao an-toerana ary matetika rehefa faramparan'ny taona toy izao. Araka izany, afaka manararaotra mihanoka ny kantony izay ho tonga ao an-toerana anio. Sombiny amin'ireo vazo hanakoako ao : « *Manegny* », « *Zaho mahatanty* », « *Sitrany tsy manambaly* », « *Molia* ».

**Samoela-Pim's Behoririka**

### Hampirevy ny vazony ranofotsiny

Hitondra ireo mpialavoliny hitety ny 20 taona naha artista matihanina azy i Samoela, anio etsy amin'ny Piment Café Behoririka. « *Revy Samoela ranofotsiny* » no anarana nomeny azy io, izay midika fa ny vazon'ny tarika no homeny laka mandritra ny fiarahana. Hanomboka amin'ny 9 ora alina ny fotoana ary tsy ho voafetra ny fiarahana. Izany hoe manodidina ny amin'ny 1 ora maraina any ho any, arakaraka ny ambiansy. Amin'ny ankapobeny dia ireo hira tena nanamarika ny fifamatoran'ny tarika tamin'ireo mpankafy tonga mamaly ny antsony ao an-toerana no hanjaka. Manomboka hatrany amin'ny « *Tiavina* » *sy ry "Havako mamomamo"*, mandalo amin'ny « *Kala kely* », « *Rava* », ka hatraty amin'ireo vazo voarakitra anatin'ny « *Bandy Rangahy* ».

**Nangonin'i Fy**

Black Nadia

## Hihaona amin'ny mpankafy azy atsy Maorisy

Atsy amin'ny Nosy Maorisy no hankalaza ny fetin'ny Noely i Black Nadia. Fampisehoana tokana no hotanterahiny any an-toerana, izay hatao rahampitso 23 desambra 2023. Anisan'ny seho andrandrain'ny mpankafy azy any an-toerana io, satria efa maro ireo Malagasy mila ravinahitra ao amin'ity Nosy rahavavy ity, miampy ireo vahiny mahafantatra tsara ny kolontsaina malagasy. Araka ny fantatra, ao amin'ny efitrano malalaky ny Break House, any Rose Hill, no hiaka-tsehatra i Black Nadia. Mpanodina kapila roa no hifarimbona aminy any an-toerana, izay ahitana ny Dj Snaapy sy Dj Toxic.

Amin'ny herinandro io, izany hoe manomboka ny 30 desambra, dia efa hitety any avaratry ny Nosy izy miaraka amin'i Mama Red (Ambilobe 30 desambra, Nosy Be ny 31 desambra, ary 1 janoary ao Bemagnodrobe, samy ao Nosy Be avokoa).

**Fy**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambatomirahavavy

# Novonoiny ilay mpampiasa azy, nototofany fasika tao anaty lavaka fanariam-pako

Tovolahy kely 15 taona mpiambina no nahavanon-doza, nahavita namono nahafaty ny mpampiasa azy tetsy amin'ny fokontany Ambohimanandray, kaomina Ambatomirahavavy, distrikan' Arivonimamo. Ny alin'ny talata ilay vono olona no natao. Rehefa hitany fa tsy nisy aina intsony dia natsipiny tao anaty lavaka fanariam-pako ny razana. Maraina ihany no nisy nahita ny vatana mangatsiakan' ilay raim-pianakaviana. Efa lasa nandositra ilay tovolahy saingy tratra teny amin'ny toeram-piantsonan'ny taksibrosy tetsy "MAKI" Andohatapenaka. Nosamborin'ny zandary avy hatrany izy ary rehefa nohadihadiana dia nilaza fa nisy fifamaliana teo aminy sy io mpampiasa azy io ka izany no nahatonga ilay famonoana.

**Tsy ampy taona**

Teo amin'ny lavaka fanariam-pako an-tokotanin'ilay olona maty ihany ny razana no nafenina. Nahitana ratra ny lohany, ary nisy fery toa hoe kika ny vatany. Nototofana tany sy fasika ihany koa teo amboniny. Raha ny filazan'ny dokotera dia vao maty ny alina io olona io, noho ny vono sy ratra natao azy. Raim-pianakaviana 60 taona ilay namoy ny ainy io, tsy manambady izy saingy manana zanaka efatra, araka ny fanazavana. Taorian' ny fizahana nataon'ny mpitsabo dia naverina amin'ny fianakaviana ny razana. Mitohy kosa ny fanadihadiana an'ilay tovolahy tsy ampy taona ity.

**Deyland**

Fakana an-keriny tao Ankazobe

# Mpitandro filaminana 9, sivily sy ben'ny tanàna nidoboka am-ponja

Niakatra fampanoavana ny raharaha fakana an-keriny tao amin'ny distrikan'Ankazobe. Olona 13 no voatazona am-ponja vonjimaika,omaly. Mpitandro ny filaminana ny 9 amin'ireo, naiditra amponja any Tsiafahy. Raha zohina dia miaramila ny 6 tafiditra amin'ity asa ratsy ity, nahitana "*Adjudant-major*" sy kaporaly ary miaramila kilasy faharoa "*s2c*", izay samy miasa ao amin'ny "1° *bat/para*", ary "Sergent" sy kaporaly miasa ao amin' ny toby "Gfsi" ny ambiny, miampy "*sergent*" iray miasa ao amin'ny "*BAF*". Misy zandary ihany koa miasa ao amin'ny kaompania Ankazobe sy zandary iray avy ao amin'ny "*Cfs*" Ivato. Ny efatra voarohirohy dia sivily, ka anisan'ireo ny ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Talatan'Angavo, naiditra am-ponja vonjimaika ao amin'ny fonjan'Ankazobe. Ankoatra izay dia olona telo hafa no atao eo ambany andrimason'ny fitsarana, na "*sous contrôle judiciaire*". Anisan'izany ny ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Ambolotarakely. Voampanga avokoa izy ireo ho niray tsikombakomba tamin' ny jiolahy mpaka an-keriny sy famatsiana fitaovampiadiana an'ireo olon-dratsy ary ny fitazonana olona an-keriny, vono olona, fikambanan-jiolahy sy varomaizina fitaovam-piadiana. Aorian'izao dia mbola hitohy ny fanadihadiana lalina ataon'ny fitsarana ao an-toerana.

**Deyland**

RN4

# Taksibrosy notafihan'ny jiolahy, voaroba ny mpandeha rehetra

Fiara sprinter manao taksibrosy mampitohy an'Antananarivo sy Mahajanga indray no lasibatry ny jiolahy mpanakan-dàlana tamin'ny lalam-pirenena fahefatra iny, omaly tokony ho tamin' ny 04 ora maraina. Handeha hihazo an'i Mahajanga ity fiara ity no nisy nanafika teo Andranofasika-Mahajanga. Araka ny fanazavana azo dia norarafan' ireo jiolahy tamin'ny tora-bato avy hatrany ilay fiara raha vao nandalo teo amin' io toerana io. Vaky tamin' izany ny fitaratra sy ny jiron' ilay fiara. Voatery nijanona ilay fiara noho ny sakana nataon'ireo jiolahy. Vantany vao nijanona dia niditra an-keriny tao amin'ilay fiara ireo jiolahy ary nasesiny norobaina avokoa ny mpandeha.

*Vaky vokatry ny tora-bato nataon'ireo jiolahy ny fitaratry ny fiara.*

**Tafatsoaka**

Tsy nisy afa-nanohitra ireo mpandeha nandritra izany, satria voarahona avokoa. Lasan'ireo jiolahy tamin' izany ny vola sy ny finday ary ny zavatra lafo vidy rehetra tany amin'ireo mpandeha. Lasa ihany koa ny vola tany amin'ny mpamily. Tao anatin'ny fotoana fohy monja no nanatanterahan' ireo jiolahy izany ka rehefa azony izay notadiaviny dia nitsoaka nandositra izy rehetra. Niezaka nitady vonjy sy nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ireo voatafitaka. Efa tafatsoaka avokoa anefa ireo jiolahy ka mitohy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana azy ireo amin'izao. Tokony hojerena akaiky tokoa izao tratra izao sy ny tsy fandriam-pahalemana eny amin'ny lalam-pirenena rehetra, satria maro ireo olona mandeha mivoaka mankany amorontsiraka amin'izao fety izao.

**R.C**

Anjiro-Moramanga

# Taksibrosy nivadika, maro ny naratra

Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana indray tamin'ny làlam-pirenena faharoa iny omaly tolakandro. Taksibrosy iray mampitohy an' Antananarivo sy Ambatondrazaka no tafala ny lalana ka lasa tany anaty lakandrano sady nivadika. Vokany, mpandeha maromaro tao anatiny no naratra ka efa nalefa namonjy hopitaly avokoa. Ny mponina teo an-toerana no nifanome tànana tamin'ny famonjena ireo naratra. Fantatra kosa fa tsy nisy ny ainy nafoy fa ny ankoatra ireo naratra dia nisy fahasimban'ny fiara. Efa tonga nijery ny zava-nitranga teny an-toerana avy hatrany moa ny mpitandro filaminana raha vao nandre izany. Ka raha ny fanazavana hatrany dia vokatry ny fandehanana mafy loatra no nahatonga ny loza, satria tsy voatanan'ny mpamily intsony ny familiana, ka lasa tany amin' ny tsy tokony ho nalehany. Tokony hitandrina hatrany ny mpamily, indrindra fa amin'izao ankatoky ny fety, izao mba hisorohana ny loza toy izao. Ny tongasoa ihany no harahabaina.

**R.C**



Ilay fiara trà-doza!

Ankorondrano

# Lelavola mitentina 79 tapitrisa Ar tanaty gony norobain'ny jiolahy




Ilay jiolahy maty!

Jiolahy nirongo basy nandeha môtô scooter no nanafika ity fiara iray nitondra vola mitentina 79 tapitrisa Ariary tanaty gony, an'ny toeram-pivarotana iray eny Ambohimangakely, saika harotsaka any amin'ny banky ny alarobia lasa teo. Efa narahin'ireo jiolahy mihitsy ilay fiara ka raha nihazo an'Ankorondrano iny no tonga dia nosakanany. Norahonany tamin'ny basy ny olona tao anatin'ilay fiara ary norobainy ny vola rehetra. Nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ireo lasibatra ka nifarimbona tamin'ny fanenjehana ireo jiolahy ny polisy sy ny zandary. Fantatra tamin'izany fa mpiasa taloha tao amin'ilay tranombarotra ihany ny iray tamin'ireo jiolahy ka tsy ela dia voasambotra ary tratra tany aminy avokoa ny vola rehetra. Ny namany iray izay tompon'ny basy sy ny scooter fampiasany amin'ny asa ratsiny kosa tafatsoaka ka nokarohina.

*Lavon'ny balan'ny zandary ny iray tamin'ireo jiolahy.*

**Nanohitra**

Raha ny fanazavana hatrany dia io jiolahy iray voasambotra io no voalaza fa mahita ny tranon'io jiolahy tafatsoaka io ka nentina hitari-dàlana sy hisambotra azy. Teny an-dàlana anefa dia nikasa hanohitra ity jiolahy ity ary saika haka an-keriny ny basin'ilay zandary nipetraka teo akaikiny. Voatery nitifitra azy ny zandary noho izany ka naratra mafy izy. Vokatry ny rà betsaka very taminy dia tsy tana ny ain'ilay jiolahy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa efa mpanao fanafihana mitam-piadiana eny amin'ny faritra Ambohimangakely iny ity jiolahy ity sy ireo namany. Anisan'izany ny fanafihana nitranga ny 25 novambra lasa teo, izay nahaverezana vola mitentina 67 tapitrisa Ariary. Tafatsoaka izy tamin'izany saingy tratra tao an-tranony ny vola mitentina 20 tapitrisa Ariary mahery. Mbola mitohy ny fikarohana ilay jiolahy tafatsoaka.

**R.C**

Sambava

# Nentin'ilay "pompiste" nitsoaka ny vola "versement"

Vola "versement" nandritra ny tontolo andro an-tapitrisany no nentin'ity "pompiste" iray ity nitsoaka ary tsy hita ny nanjavonany taorian'izay. Tao amin'ny toby fivarotan-tsolika iray ao Sambava no nitrangan'izany ny alarobia lasa teo. Nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ny mpiandraikitra ilay tobin-tsolika ka nanomboka ny fikarohana ilay "pompiste". Efa mandeha ny fikarohana ity farany amin'izao. Raha ny fanazavana hatrany dia mpiasa anisan'ny efa nitokisana tokoa ity lehilahy ity, kanefa izao nahavanon-doza izao. Toa efa maty paika mihitsy ny fomba nentiny nangalatra io vola io sy ny nandosirany. Efa lasa elaela tsy niverina intsony izy vao samy taitra ny rehetra. Efa nanjavona avokoa anefa ny vola rehetra tao amin'ny "caisse". Fantatra fa mponina avy ao an-toerana ihany izy ity ary efa ela no niasany tao amin'io toby fivarotan-tsolika io. Tsy nisy nanam-po ny zavatra nataony mihitsy ny mpampiasa sy ireo mpiara-miasa aminy satria tena nitokisan'ny mpampiasa izy. Mety ho efa ela no niketrehany io asa ratsiny io.

**R.C**

Ekipan'ny Bollywood

# Nanodina horonantsary teto Madagasikara

Tonga eto Madagasikara ireo olo-malazan'ny Bollywood, na ilay orinasa indianina misehatra amin'ny famokarana rakikira sy horonantsary mihetsika. Nanodina rakikira misy hira roa teto Antananarivo sy tany Toliara ireto farany nanomboka ny 10 desambara lasa teo hatramin'ny omaly 21 desambra. Nandray anjara tamin'izany ireo kintan'ny Bollywood telo, dia i Choudhary Pratibha sy Deepak Joshi ary Singh Mairina, niaraka tamin'ireo mpanatontosa dimy sy teknisianina hafa. Hivoaka amin'ny volana janoary any Inde ity rakikira ity, ka hampahafantarana an'i Madagasikara manerana izao tontolo izao ho fampiroboroboana ny sehatry ny fizahantany eto amintsika. Efa tao anatin'ny enim-bolana no niketrahana ity tetikasa ity niaraka tamin'ny ONTM (Office National du Tourisme de Madagascar) sy ny minisiteran'ny fizahantany. *"Nataon'ny fanjakana malagasy laharam-pahamehana ny tsenan' ny fizahantany indianina. Ity fiaraha-miasa ity dia hoentina mampahafantatra an'i Madagasikara any Inde sy manerana izao tontolo izao. Iaraha-mahalala fa ny Indianina dia tia mitsidika ireo firenena efa nandalovan' ireo olo-malaza ankafiziny"*, hoy Rabemananjara Lalaina, tomponandraikitra eo anivon'ny ONTM. Nohamafisin' ny talen'ny kabinetran' ny minisitera, Rasoanaivo Diana, fa antenaina ny hitomboan'ny mpizaha tany avy Inde ho tonga eto amintsika amin'ny taona ho avy, raha mbola latsaky ny 10 isanjaton'ny mpizaha tany tonga eto ny isan'izy ireo. Nampanantena moa ity orinasa indianina ity fa mbola hiverina hamokatra horonantsarimihetsika eto Madagasikara amin'ny fiaraha-miasa manaraka.



**Ireo olo-malaza indianina eo amin'ny tontolon'ny sarimihetsika niaraka tamin'ireo tomponandraikitra eo anivon'ny ONTM sy ny minisitera.**

**R. Muray**

Tsiroanomandidy

# Mpitaingina bisikileta maty voatsatoka antsy teo amin'ny ambavafony

Loza no niseho tany amin' ny kizo Amboasary, fokontany Maritampona, any amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy, ny talata maraina lasa teo. Lehilahy iray 34 taona mantsy no maty voatsatoka antsy tamin'izany. Araka ny fanazavana dia nitondra bisikileta ary nandeha irery izy tamin'io fotoana io. Teny an-dalana izy no sendra ny olondratsy. Tombanana ho tsy nanaiky lembenana tamin' ny baikon'ireto farany izy ka nanohitra, ary dia tsy nisalasala ry zalahy nanatsatoka antsy azy. Niletra indroa teo amin'ny ambavafony ilay zava-maranitra. Tsy nahatsiaro tena vokatr'izany ralehilahy. Nanoloana izany dia lasan'ireo olon-dratsy ilay bisikileta nentiny. Olona mipetraka eny amin'ny manodidina ity toerana nisehoan' ny loza ity sendra nandalo no nahita an'ilay lehilahy nitsirara tamin'ny tany sady naratra mafy. Taitra izy ary rehefa nojereny dia olona fantany ity nisy namono ity.

### Karohina

Nandray ny andraikiny io nahita azy io ka nitondra andralehilahy namonjy ny fianakaviany any amin'ny toerana antsoina hoe Kizato, fokontany Iaboketraka andrefana, kaominina Ambararatabe, any amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy. Any rahateo no fonenan'ity lehilahy naratra mafy ity. Taorian' izay dia nentin'ny havany nandeha namonjy hopitaly tany Ambararatabe ity farany, saingy noho ny ratra mafy nahazo azy dia tsy tana intsony ny ainy rehefa tonga tany. Efa mandeha ny fanadihadiana sy fikarohana ny nahavanon-doza ka ny tobim-paritry ny zandary any Ambararatabe no miandraikitra izany.

**T.H**

Brickaville

# Mpivady mpandraharaha volamena voaroba, voavely hazo

Nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana tany amin' ny kaominina Ampasimbe, any amin'ny distrikan'i Brickaville, afakomaly tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany hariva. Mpivady mpandraharaha volamena no lasibatry ny asa ratsin'ireo jiolahy tamin'io fotoana io. Ka ankoatra ny vola sy volamena lasan'ireo olondratsy dia naratra mafy novelesin-dry zalahy tamin' ny hazo sy antsy ihany koa izy ireo. Araka ny fantatra dia jiolahy dimy nitondra hazo sy antsy no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Tonga teo amin'izy mivady ry zalahy ka mody nisotro ranom-boankazo teo amin' ilay tsena. Tampotampoka teo anefa dia nanaovan'ireo mpanafika herisetra ny




lasibatra ka voadaroka teo amin'ny lohany. Rehefa izay dia niditra an-keriny tany an-trano ry zalahy naka izay tiany nalaina tao, ka lasan' izy ireo tamin'izany ny vola izay tsy mbola voafaritra mazava ny isany, sy ny volamena.

*Nandritra izany, niantso vonjy ireo voatafika. Naheno izany ny olona teo amin'ny manodidina ka nivoaka.*

### Efa mpifanerasera

Nandritra izany, niantso vonjy ireo voatafika. Naheno izany ny olona teo amin'ny manodidina ka nivoaka. Nanoloana io ihany koa dia lasa nitsoaka ireo jiolahy fa natahotra ny ho tratran'ny fokonolona. Izy mivady tao an-trano naratra mafy tsy nahatsiaro tena ary nentina namonjy hopitaly. Nandeha avy hatrany ihany koa ny fitadiavana ireo jiolahy mpanafika tamin'io alina io ka lehilahy roa no voasambotry ny zandary tany anaty ala. Nitohy omaly maraina ny fikarohana ka lehilahy iray indray no tratra. Araka ny fantatra dia olona mpifanerasera amin'ilay mpandraharaha ihany ireo nanafika azy. Efa nentina tany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana izy ireo. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo namany.

**T.H**

Antsirabe

# Basy tsy ara-dalàna sarona

Basy iray tsy ara-dalàna no tra-tehaka tao amin'ny tokantrano iray tany Antsirabe, andro vitsy lasa izay. Araka ny fantatra dia nisy mpivady niady ka nanao herisetra tamin-dravehivavy ilay rangahy vadiny. Novelesin'ilay rangahy tamin'ny zavatra tao anaty fonosana mantsy ilay ramatoa tamin'io. Niahiahy ravehivavy fa toy ny basy mihitsy iny zavatra mifono nidarohana azy iny. Niandry izay tsy nahatao an-trano an'ilay vadiny ramatoa ka rehefa lasa namonjy tsena iny ilay rangahy dia nokarohany io zavatra mifono ary hitany nafenina tany anaty valin-drihana. Hita tokoa fa basy ilay izy ary teo izy vao gaga, ka nampandre avy hatrany ny zandary, satria tsy nifampieran'izy mivady ny mikasika ity fitaovam-piadiana ity. Nidina ifotony tany ireo mpitandro filaminana ka tratra tao anatin'ilay fonosana ny basy poleta iray vita vahiny sy bala iray 9mm ary tranompahana iray. Fantatra fa tsy nananay taratasy ara-dalàna ity fitaovam-piadiana ity. Efa tsy tratra tao an-trano ilay rangahy ary mitohy ny fikarohana azy amin'izao fotoana izao.

**T.H**



**Tratra tao anatin'ilay fonosana ny basy poleta iray vita vahiny sy bala iray 9mm ary tranom-pahana iray.**

Andralanitra

# Lehilahy tratra nivarotra rongony

Lehilahy iray 45 taona no voasambotry ny polisy teny Andralanitra teo am-pivarotana rongony, omaly tokony ho tamin'ny 11 ora maraina. Mbola nahatratrarana fonosandrongony 46 isa teny aminy tamin'io fotoana io. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy teny amin'ny tsena Manantenasoa, teny an-toerana, no nahatsikaritra lehilahy iray mivarotra zavatra mampiahiahy izy ireo. Raha vao hitan'io lehilahy io nanatona azy ireo mpitandro filaminana dia lasa nitsoaka avy hatrany izy. Voatazona ihany anefa izy ka tsy afa-nandositra. Nisy avy hatrany ny fisavana natao azy ka nandritra izany no nahafantarana fa rongony io amidin-dralehilahy io. Dia io mbola nahitana fonosana zava-mahadomelihna maromaro io teny aminy. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana ity voasambotra ity. Notanana tany izy ary natao famotorana, ka nandritra izany dia niaiky ny tenany fa efa mpivarotra rongony matetika eny an-toerana. Mitohy ny fakana am-bavany azy mialoha ny hitondrana ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana.

**T.H**



**Ilay voasambotra sy ireo rongony tratra teny aminy.**

Fanendrena Praiminisitra

# Heverina ho anisan'ny mason-tsivana ny fahatokisana sy fanaraham-baiko

Tafapetraka tamin'ny alarobia lasa teo izany ny fametraham-pialàn'ny governemanta, tarihin'ny Praiminisitra Ntsay Christian. Ary mbola manatanteraka ny asa fanao andavanandro izy ireo, mandrapisian'ny fanendrena vaovao. Ny dikany, andrasana ato ho ato izay ho lehiben'ny governemanta hisantatra ny fotoam-piasana faharoan'ny filoham-pirenena. Maro ny tombatombana mandeha ho an'izay mety hitazona io andraikitra io. Misy ny feo milaza fa mbola haverina amin'ny toerany ny lehiben' ny governemanta, mandritra ny volana vitsivitsy ary aorian'izay vao hametraka olom-baovao ny mpitondra. Misy ihany koa ny anarana efa mandehandeha any ho any. Ary raha itsy farany no



tanteraka dia voalohany amin'ny tantara no hanana Praiminisitra vehivavy i Madagasikara. Marihina anefa fa tombatombana avokoa ireo nambara ireo. Ny azo antoka dia olona akaiky ny filoham-pirenena sy afaka hanatanteraka ny vinany, mba tsy hilazana hoe hanaraka baiko no ho tafapetraka eo amin'io andraikitra io. Ankoatra izay, raha ny lalàna manan-kery no resahina dia tokony hiainga avy amin'ny maro an'isa, eny amin'ny Antenimieram-pirenena ny anaran'izay ho Lehiben'ny governemanta, hotendren'ny filohan'ny Repoblika. Hampiharina ve io lalàna io sa efa manana izay olona hotendrena ny filoha. Aorian'ny Praiminisitra dia mbola fanontaniana manitikitika ny saina ihany koa ny hoe : Iza amin'ireo mpikambana ao amin'ny governemanta no mbola ho voatazona ? Ny valiny, tombatombanana ho mety anisan'izay ireo nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka, nandritra ireny fampielezan-kevitra ireny ka nahatongavana amin'ny fahalanian'ny filoha, araka ny vokatra navoakan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana.

V.R.

Toe-draharaha pôlitika

# Tandindomin'ny fety, hany ka mangingina

Tony no azo ilazana ny toe-draharaha pôlitika, tato anatin'ny andro vitsivitsy izao, taorian'ireny fidinana an-dalambe nisesisesy nialoha sy nandritra ny fifidianana ireny. Ny raiamandreny ara-drazana izay nanatitra taratasy teny amin'ny trano fiasan'ny masoivoho frantsay eto amintsika mantsy izao no hetsika miendrika pôlitika re farany, ankoatra ny fanehoan-kevitra fanakianana ny mpitondra ampitaina mahalankalana, eny amin' ny tambajotra sôsialy. Ireo mpamakafaka raharaha pôlitika, manatanteraka izany isan'andro, amin'ny haino aman-jery tsy miankina eto an-drenivohitra rahateo nanapa-kevitra nampiato izany, nanomboka tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Tsy mahagaga ny antony fa noho ny mpanao pôlitika sy ny ankamaroan' ny olom-pirenena tandindomin'ny fetin'ny Noely sy ny faran'ny taona ary ny taombaovao. Toy ny matetipitranga dia misafidy hiatrika ny fety any amin'ny toerana nahalany azy ny olomboafidy. Ny isan-tokantrano ihany koa miezaka mitady ny fomba hampifalifaliana ny ankohonany.



*Vinavinaina tsy ho mora ny asa miandry ny mpanatanteraka, aorian'ny asaramanitra*

**Vinavinaina hafanafana !**

Ny mifanohitra amin'izany kosa no heverina hitranga, manomboka amin'ny fiandohan'ny taona. Vinavinaina hafanafana ny fanehoan-kevitry ny mpanao pôlitika, amin'ny ankapobeny, indrindra manoloana ny tsy fanarahan-dalàna misesisesy ataon'ny tompon'andraikitra sasantsasany, isaky ny mandray fanapahan-kevitra, izay tsikaritra ho tsy mirona mankany amin'ny tombontsoa iombonana. Izay ny any amin'ny mpanohitra fa vinavinaina havesatra sy ho sarotra ihany koa ny asa miandry ny mpitondra, manomboka amin'ny taona ho avy, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fitadiavam-bahaolana amin' ny fidangan'ny vidim-piainana, ny famahana ny delestazy, ny fanamboarana ny lalam-pirenena potika tanteraka amin'ny ankamaroany, ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana mampikaikaika ny vahoaka; … Manginy fotsiny ny fanomanana ny fifidianam-paritra tsy maintsy hatrehina, noho ny ankamaroan'izy ireo, na ambivitra, na efa lany fotoam-piasana. Ireo rehetra ireo dia mitaky fahaizamanao sy fahaiza-mitantana amin'izay governemanta vaovao hajoro !

V.R.

## Marina izany !

### Mifanitsa-kitro !

**Roa amby fitopolo ora alohan'ny fankalazana ny fetin'ny Noely, ambohipihaonan'ny rehetra ny eto an-drenivohitra. Maro ny avy any amin'ny faritra sy distrika ary kaominina no miantsena eto sy mitady izay mahasoa, hitadiavam-bola hampifalifaliana ny ankohonana. Misy ny mividy ny lamba fitafy sy ny kiraro. Ao ny manangona entana hamidy, sitrany ahay. Na dia nisy fotoana niezaka nanakana ny fivarotana amoron-dalana aza ny kaominina, mba handaminana ny fifamoivoizana dia tsy voasakana izy ireo. Hany ka mifanitsa-kitro ny olona, saika amin'ny tsena rehetra eto an-drenivohitra. Tsy voahaja intsony ny hoe ny sisin-dalana an'ny mpandeha an-tongotra ary ny arabe an'ny fiara fa mifanjevo tanteraka nyolona sy ny fiara ary ny kodiaran-droa. Vokany, mitohana izay tsy izy ny fifamoivoizana, saika amin'ny toerana rehetra eto afovoan-tanàna ka na manao ny asany aza ny mpitandro filaminana dia lany eny an-dalana hatrany ny fotoana. Tsy resahina intsony ny fofona maimbo avoakan'ny fako miparitaka eny amin'ny arabe ny ankamaroany. Ambonin'izany, any anatin'ireny vahoaka mifanitsa-kitro ireny no manararaotra manao ny asa ratsiny ny mpanendaka sy ny mpanao sinto-mahery, tsy anavahana amin'izao fotoana izao na dia tsy eny amin'ny toerana sokajiana ho faritra mena aza. Tranga iantsoana ny olom-pirenena rehetra ho mailo sy hitandrina araka izay azo atao, tsy ny vola ihany fa izay fitaovana sarobidy azo avadika vola ihany koa. Ny ankamaroan'ny mpitandro filaminana rahateo iarahan'ny rehetra mahita fa baiko hafa ankoatra ny tena andraikiny, izay mifototra amin'ny fiambenana ny olona sy ny fananany, no omena azy ireo!**

Voahangy Rakotozafy

Governemanta Ntsay Christian

# Efa nametra-pialana tamin' ny alarobia



Ny alarobia teo nandritra ny filankevitry ny minisitra no nametra-pialana ny governemanta tarihin'ny Praiminisitra Ntsay Christian. Araka ny fanazavana voaray dia ho fanajana ny fenitra Repoblikana no antony nanaovana izany. Mandra-pitsangan'ny governermanta vaovao anefa dia manohy ny fampandehanan-draharaha andavanandro, na « affaire courante », ny mpikamban'ny governemanta nametra-pialana. Ho famaliana izany dia noraisin'ny Filohan'ny Repoblika ny didim-panjakana laharana faha-2023-1650 mankatoa ny fametraham-pialan'ny governemanta tamin'ny faha-20 desambra 2023. Raha ny fantatra dia mety ho any amin'ny volana janoary any ny Filohan'ny Repoblika vao mihevitra ny hanangana ny governemanta vaovao. Tsy maintsy hisy atsy ho atsy ny fakan-kevitra isan-jokajiny momba izany, ary hanao ranolava indray ny fisehosehoan'ireo mpanao politika. Ireo minisitra miandraikitra ny fampandehanan-draharaha andavanandro amin' izao moa tsy maintsy hanao ny fomba rehetra mba hijanonany eo amin'ny toerany amin'ny alalan'ny fandresena lahatra ny Filohan'ny Repoblika.

JUDD


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :



**AVIS DE MODIFICATION**

**XING HUA SARL**

Suivant le PV de l'Assemblée générale du 12 Décembre 2023 enregistré à la recette de Vatomandry le 18 Décembre 2023, sous F° 38 Vol. 18 N° 887, il a été porté la modification ci-après :

- Cession des parts : Monsieur PAN REN ZHONG détenant 25% des parts sociales de la Société XING HUA SARL, cède à Madame ZHANG MING-FENG les 10% des parts sociales lui appartenant au sein de la société.

NIF : 5018329630 - Stat. : 68101 11 2023 0 11376 -

RCS Antananarivo : 2023 B 01353

La Gérance

GCL 703/1-1

Hetsiky ny Vondron'ny kandida

# Ahiana ho tapitra hatreo noho ireo mpitarika samy manana ny làlany

Iray volana mahery aty aorian'ny nanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena, milamindamin-dratsy ny toe-draharaha pôlitika eto amintsika. Antony, tsy dia misy loatra ny fifandonana ara-kevitra eo amin' ireo sokajin'olona tsy mitovy firehana pôlitika fa samy miketriketrika any amin'izay misy azy any. Mazava ny an'ny mpitondra sy ny mpomba azy dia ny fitadiavany ny fomba hampaharitra azy eo amin'ny toerany, amin'ny alalan'ny fametrapetrahana tsikelikely amin'ny toerany ireo tompon'andraikitra isan-tokony azo itokisana. Ny mpanohitra sy ireo nitarika ny vondron'ny kandida kosa, raha jerena maimaika ny toe-draharaha iray volana mahery aty aorian'ny latsabaton'ny fifidianana filohampirenena, dia hita ho samy manana ny làlany mba tsy ilazana hoe samy maka ho azy. Misy ampahany amin' izy ireo mbola manao izay ho afany mandresy lahatra ny vahoaka, amin'ny alalan' ny fampahafantarana ny fandikan-dalàna ataon'ny mpitondra sy antony ambaran'izy ireo ho tsy mampanan-kery ny fifidianana natao farany teo. Isan'izany ny kandidà Hajo Andrianainarivelo, izay naneho ny heviny tao amin'ny tambajotran-tserasera fampiasany omaly.

**Nitotongana**

Mivaky toy izao ny fanehoan-keviny : "*tao anatin'ny 5 taona, nitotongana ny faripiainan'ny Malagasy, afa-tsy ny an'ireo izay nitady tombontsoa manokana tao anatin'iny fe-potoana iny. Miara-mahita izao tontolo izao fa mihemotra i Madagasikara fa tsy mandroso amin'ny lafiny rehetra : ara-politika, ara-toekarena, ara-tsosialy. Natao anefa ny teritery isan-karazany mba hitohizan'izany ao anatin'ny 5 taona manaraka. Natao toy ny tsy misy ny lalàna ary sarintsarim-pifidianana no nokarakaraina. Very hasina tanteraka ny Repoblika. Izany ve no fomba fanao politika tiantsika holovain'ny taranaka* ? » Ny ambiny, toa an-dry Hery Rajaonarimampianina izao dia notendren' ny Vondrona Afrikanina hisolo tena azy ireo, hitarika ireo iraka manokana hanaramaso ny fifidianana Filohampirenena natao tany amin'ny Repoblika Demokratikan'i Kongo (RDC) tamin'ny faha 20 desambra teo. Mifantoka amin'ny asa sosialy ho fanamorana ny andavanandron'ny mponina toy ny fampiofana fanamboarana savony sy labozia ary formazy kosa ny hetsiky ataon-dry Andry Raobelina sy ry Roland Ratsiraka.

**Mamy R.**

Filoha Andry Rajoelina

# Nitarika ny filankevitry ny minisitra voalohany afak'omaly

Taorian'ny nahavitan'ny fiianianany tamin'ny sabotsy 16 novambra lasa teo, dia nitarika ny filankevitry ny minisitra voalohany amin' izao fe-potoam-piasana vaovao izao ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, afak'omaly alarobia. Nohamafisin'ny Filoham-pirenena tamin'izany ireo andry telo goavana iorenan'ny fomba fitantanana ny firenena ao anatin'ity fepotoam-piasana ity. Tafiditra ao anatin'izany ny fampandrosoana ny maha-olona sy ny fanaovana laharam-pahamehana ny lafiny sosialin'ny vahoaka malagasy, ny fampiroboroboana ny indostria sy ny famoronana asa, ary ny fametrahana fanjakana tsara tantana amin'ny alalan'ny fanavaozana ny rafi-pitantanana ny asam-panjakana sy ny ady amin'ny kolikoly. Ho fanatanterahana ireo andry telo ireo dia maro ny rafitra vaovao hatsangana hitondrana ny firenena mba hahafahana manafaingana kokoa ny asa. Ankoatra izany dia noraisin'ny Filohan' ny Repoblika ireo fepetra maro hanamarika ny drafitr' asa ao anatin'ny 100 andro voalohany hitantanany ny firenena. Tafiditra ao anatin' izany ny fanaovana ho maimaimpoana ny fomba fanabeazana aizana ho n'ny renim-pianakaviana. Ny fampiofanana ireo tokantrano sahirana mandritra ny 3 volana. Ny fizarana "titre vert" mba hahafahan'ny tantsaha mamokatra. Fanaparitahana ny karinempokontany misy QR code. Eo koa ny fanofanana araka asa ny tanora mba hifanaraka amin'ny filan'ny tsenan' ny asa. Hisy ny fanavaozana ny biraom-pokontany ho fantsarana ny fitantanana ao aminy. Momba ny fidangan'ny vidim-bary, dia nanome baiko avy hatrany ny Filohan'ny Repoblika ny hivarotana ny vary mora ao anatin'ny fotoana fohy. Hamafisina ny fandriampahalemana ary hanao ezaka manokana ny fitondram-panjakana hifehezana ny fitotonganan'ny sandambola malagasy. Ireo raha fehezina ny programan'asan'ny fitondrana ao antin' ny 100 andro voalohany.

**JUDD**

Paositra Malagasy

# Namoaka ny hajia misy ny sarin'i Georges Andriamanantena

Namoaka vokatra vaovao ny Paositra Malagasy. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy omaly teny Ankorondrano ny famoahana ny hajia vaovao misy ny sarin'i Rado, na Georges Andriamanantena. *"Anio no ankalazana ny faha-100 taona nahaterahan'i Rado. Rariny raha hamoahana hajia izany mba ho fankasitrahana ny zava-bitany teo amin'ny firenena sy teo amin'ny lafin'ny kolontsaina. Maro ireo tanora no tsy mahalala tsara an'i Rado, satria ankoatra ny maha poeta azy dia efa niasa teo anivon'ny minisiteran'ny kolontsaina, efa nanao gazety, sns."*, hoy ny Minisitry ny Paositra sy ny fifandraisan-davitra ary ny fampivoarana ny haitao ara-kajy mirindra, Razafindramalo Tahiana, nandritra ny fanokafana ny lanonana omaly. Naranty tamin'io fotoana io teo anatrehan'ny taranany sy olona manan-kaja maro ny asa soratr'i Rado. Navoaka tamin'io fotoana io koa ireo hajia misy ny sarin' ireo sokatra dimy mampiavaka an'i Madagasikara. Mamokatra hajia eo amin'ny 1 tapitrisa isan-taona ny Paositra Malagasy. Na dia efa mandroso be aza ny fampiasana ny haitao arakajy mirindra dia nohamafisin'ny Minisitra fa mbola maro ireo ampiasana ny hajia eto amintsika toy ny any amin'ny taratasim-panjakana, ny fandefasana taratasy mankany Ivelany, sns, ary natao hitehirizana ny tantaran'i Madagasikara sy hahatsiarovana ireo olomanga eto amin'ny firenena, hoy hatrany ny Minisitra.



Ireo hajia vaovao novokarin'ny Paositra Malagasy. (Sary : Nary R.)

**R. Muray**

Fahantrana - Tsindrihazolena

## Mankahery ny Malagasy ny hafatra krismasy FFKM



Tsy nanadino ny Malagasy ireo Filoham-piangonana eo anivon'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianna eto Madagasikara, tarihin'ny Filohany Irako Andriamahazosoa Ammi, amin'izao ankatoky ny fankalazana ny fetin'ny Noely izao. Namoaka hafatra mifono sarintsarinteny mifandraika amin'ny zava-misy eto Madagasikara sy ny manahirana ny valalabemandry eo amin'ny andavanandrom-piainany ireo Raiamandreny ara-panahy ireo tao anatin'izany. Dia tsy nitsahatra nankahery vahoaka ka haharitra hanohy hivavaka sy hipetraka ho Zanak'Andriamanitra, indrindra amin'izao fotoana andalovan'ny firenena ao anatin'ny fotoan-tsarotra izao, ireo mpitondra fivavahana ireo. « *Fa teraka tao anatin'ny fotoanan'ny fanjanahan-tany romana i Jesoa. Vahiny no nitondra ny tany ary Heroda, izay Jiosy mpiray petsapetsa tamin'ny mpanjanatany, ihany no nampijaly ny Jiosy mpiray tanindrazana taminy ! Soa fa tonga i Jesoa hamelona ny fanantenan'ireo malemy anaovan'ny mahery tsindrihazolena, ho toky ho an'ireo mila vonjy, dia ireo vahoaka nampahantrain'ny tsy matahotra an'Andriamanitra* », hoy ny hafatra krismasy 2023 tamin'izany. Ambonin'izany, naverimberin'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara ihany koa ny tokony hifalian'ny rehetra na inona na inona sedra sy fahasarotana mahazo ka hanankiana ny fiainana amin'ny Tompo mandrakariva.



**Mitaona ny rehetra hifaly amin'ny zavatra rehetra ihany koa ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy.**

**Niaro ny sezany**

« *Fa teraka ho zazakely ilay Mpanjaka ka nanamparan'i Heroda ny fahefany. Nampiasainy ny herin'ny tafika teo antanany. Ilay Heroda natahotra fadiranovana niaro ny sezany ka zazakely avy no nofofoiny ho faty, tsy maintsy nentina nitsoaka, ka zazakely avy no naringany. Na izany aza : ianao izay mino an'i Jesoa : mifalia !* », hoy hatrany ny FFKM tamin'izany. Manaraka izany, nasian'ireo Raiamandreny ara-panahy resaka ihany koa ny manodidina ny habibian'ny zanak'olombelona sy ny haizina manarona ny tany. « *Mahereza, ry zanak'Andriamanitra ! Fa teraka tao an-tranom-biby ny Zanak'Andriamanitra satria loza ny habibian'ny zanak'olombelona ! Soa fa tonga i Jesoa hamerina amintsika ny hasin'ny maha olombelona ! koa ianao izay mino Azy : mifalia ! Fa teraka tao anaty alina maizina ny Zanak'Andriamanitra satria, indro, ny haizina manarona ny tany, ny haizim-pito manarona ny firenena ! Soa fa tonga i Jesoa ho fahazavan'izao tontolo izao* ». Marihina fa ny anaran'ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, Filohan'ny FJKM sady filohan'ny FFKM, ihany no tazana eo amin'ity hafatra krismasy 2023 ity fa tsy eo ny an'ireo mpitarika fiangonana telo ambiny.

**Nangonin'i Mamy R.**

Holafitry ny Infirmiera vaovao

# Tsy hanaiky ny fivarotana diplaoma ataon'ny sekoly sasany

*"Tokony homena ny hasiny ny mpiasa tena matihananina.*



Fifamindram-pahefana tam-pirahalahiana tanteraka no nisy teo amin'ireo filoha roa. (Sary:HAR)

*"Lasa fitadiavam-bola foronin'ireo sekoly maro isankarazany sasany ny fivarotana diplaoma manao tsy misy dikany ny asanay. Tsy hanaiky an'izany ny birao vaovao fa hijoro. Noho izany, tokony homena ny hasiny ny mpiasa tena matihananina ka manomboka izao dia tsy tokony hisy ho afaka hijabaka intsony amin' ny programan'ny fiofanan' ny infirmiera eto Madagasikara, fa ho avy izahay amin' ny angady sy ny harona"*, hoy Andrianarison Jean Aimé Botosera, na John Love, filoha vaovaon'ny holafitry ny infirmiera eto Madagasikara tamin'ny mpanao gazety omaly. Araka ny "decision N°5268/2023-MISANP" no nahafahana niroso tamin'izao fifamindram-pahefana teo amin' ny ny Filohan'ny Holafitry ny Infirmiera teo aloha, Atoa Rakotonirina Urbain Antoine, tamin'Atoa Andrianarison Jean Aimé Botosera na John Love, filoha vaovao, teny amin'ny biraon'ny holafitra eny Andrefan'Ambohijanahary Mahamasina. Raha ny zava-misy, hoy ity filoha vaoao ity, dia betsaka ireo olona tsy manana dipaloma ofanina andro na volana vitsy dia manao ny asan'ny infirmiera, manapotika ny fahasalamambahoaka. *"Hiantsoako ny mpitandro filaminana sy ny Minisiteran'ny Fitsarana izany, satria hitory ary hanenjika an'ireo izay tratra manao an'izany izahay. Tsy maintsy haverina amin'ny hasiny ny infirmiera eto Madagasikara, ary isika rehetra no antsoina hiarakisalahy amin'izany hatrany ambanivohitra any. Samia manara-maso ny olona manao ny asantsika kanefa tsy manana diplaoma. Manaova tatitra ary handray fepetra avy hatrany izahay"*, hoy hatrany Atoa John Love.

**Fanapahan-kevitra**

*"Fandresena ho an'ny infirmiera manerana ny nosy izay azontsika tamin'ny fifidianana. Ny tenako dia mpitarika ihany fa isika rehetra no tompon'ny fanapahankevitra mikasika ny infirmiera. Tsara ny vitan'ny birao teo aloha, saingy latsaka mitotongana ny tontolo ankapoben'ny infirmiera eto Madagasikara noho ny tsindry ataon'olonkafa, sy noho ny olana ihany koa ataontsika samy isika ihany"*, hoy Atoa John Love. Nandritra ny taona maro dia tsy olana avy amin'ny holafitra teo aloha akory no antony tsy nahavitana ny fifidianana fa noho fanomanana sy ny tsy fandraisana andraikitra nataon'ireo tomponandraikitra nifandimby. *"Tsy maintsy miray hina isika mba hahafahana miroso amin'ny fanatsarana ny asantsika. Izay no antony hanatanterahana ny tetikasa, izay isaorana indrindra ny tomponandraikitra, ny namana manampy antsika amin'ny fananganana ny "maison des Infirmiers", izay hadiana fototra sy hatomboka asa fanorenenana amin'ny 26 janoary 2024 ho avy izao"*, hoy hatrany ny filoha vaovaon' ny holafitra. Fantatra fa nanofa trano ny biraon'ny holafitra teo aloha, ka hotokanana amin'ny 12 mey 2024 io trano vaovao vao haorina io.

**Heriniaina A.**

Fahasalamana

# Nanome rà hanavotana aina ny vondrona filatex

Toy ny efa fanaony tao anatin'ny taona maro dia nanatanteraka hetsika fanomezan-drà indray ny teo anivon'ny vondrona filatex. Ny alarobia 20 desambra teo, tao amin'ny toeram-piasany tetsy Ankadimbahoaka, no nanatontosana izany, ka ny hoe « manomeza rà, dia hamonjy aina maro ianao » no loha-hevitra nitondrana izany hetsika izany. Fanehoana sy fanamafisan'ity vondrona ity indray ny firaisankina amin'ireo mpitsabo sy ny sehatry ny fitsaboana eto Madagasikara no antony nanaovana izao hetsika izao. Tao anatin'ny 12 taona no efa nanatanteraka izao ny vondrona Filatex, ka ireo mpiara-miasa aminy, ny fianakavian'ny mpiasa sy ireo rehetra mahatsapa ny maha-zava-dehibe ny fanomezan-drà no tonga nanatanteraka izany tetsy Ankadimbahoaka. Taorian'ny fandalovan'ny tsimokaretina Covid-19 dia somary nihena ary tsy ampy ny tahirin-drà eny anivon'ny hopitaly. Raha ho an'ny eto an-drenivohitra manokana dia an-jatony isanandro amin'ny « poches » no filàna , ka ny antsasak'izany dia saika eny amin'ny tobimpiterahana sy ny sampana vonjy voina. Tsapa anefa fa mihena ny mpanome rà eto amintsika. Tsy fahampian'ny fandresena lahatra na fanentanana ny olona no mety ho antony. Eo koa ny tsy faharisihana tsotra izao hanome izany rà izany ho an'ny olona sasany. Mihena ary tsy maharaka ny fetra ilaina intsony ny ambiny anatin'ny fitahirizana, ka miteraka olana eny anivon'ny hopitaly, indrindra fa raha misy olona mila rà maika.

**Rabenaivo**



Efa fanao mahazatra ny vondrona filatex ny hetsika fanomezan-drà toy izao.

Andranomanelatra

# Hametrahana milina hanodina paoma

Ny kaominina Andranomanelatra, distrikan'Antsirabe II, izany no distrika fahadimy nametrahana milina hanodina ny vokatra ao an-toerana. Milina hanodina ny paoma ho lasa ho "vinaigre de cidre" no nositrahin'ny kominina Andranomanelatra. Raha tsiahivina dia isan'ny distrika efa nisitraka ity milina ity ihany koa ny tao Antsirabe voalohany.

Isan'ny faritra mamokatra paoma betsaka indrindra ny distrikan'Antsirabe II. Maherin'ny 35.000 taonina isan-taona ny vokatra miakatra, ka rariny raha ozinina mpanodina paoma no napetraka ao. Tamin'ny alalan'ny ny tetikasa ODOF, na "One District One Factory", no nametrahana ity ozinina ity.

Afaka manodina paoma milanja 500kg isan'ora sy mamoaka « vinaigre de cidre » 1000 litatra ity milina ity, araka ny fanazavana. Natolotra tamin'ny fomba ofisialy tao Andranomanelatra ireo milina ireo. Niara-dia tamin'ity fotoana ity ihany koa ny fanolorana taratasy koperativa Mitsinjosoa, TAFA, FIFAA, ary ny TMF mariky ny fijoroan'izy ireo amin'ny ara-dalàna.

Efa natomboka tamin'ny herinandro lasa teo ny ny fifantenana ireo koperativa na mpandraharaha hitantanana ny orinasa, ka haharitra 20 andro eo ny fiandrasana ireo antotan-taratasy ilaina amin'izany. Marihina fa amin'ny alalan'ny "appel manifestation d'intérêt no hanataterahana azy ity.

Raha tsiahivina dia efa handray ho enim-bolana izao no nametrahana ireo milina hanodina vokatra amin'ny distrika sasany, toy ny distrikan'i Betafo, Faratsiho, Antsirabe voalohany sy Ambatolampy. Miandrandra fatratra ny hisokafan'izy ireny tsy ho ela ny tantsaha, satria mampitsiry ny fanantenan'izy ireo ny zavatra tahaka izao. Inoana fa hisy tohiny izy ity fa tsy ho zary fampanantenana poakaty.

**Andry N.**

Fanantenana FAFI V

# Nizara sakafon'ny fety ho an'olona 400 marefo ara-pivelomana



Samy afa-po tamin'ny fanomezana azony ny isan-tokantrano.

*"Ny fikambanana Fanantenana FAFI V mpanao asa soa ety amin'ny Boriborintany fahadimy dia miaro sy manasoa vahoaka no filamatray mandavan-taona. Toy ny fitia vary aloha ihany ny fanomezana atolotray anarareo ka mahavonjy amin'ny hanaovana fety Krisimasy sy Taom-baovao fa tsy mahavita taona, izay misy vary, menaka, macaroni, bisky sy sokolà ary vatomamy ho an'ny ankizy ary tsy hadino ihany koa ny mofomamy izay manamarika fa fety ny andro, izay mampiavaka anay mivady"*, hoy Rtoa Hanitriniala Raholdina, filohan'ny fikambanana Fanantenana FAFI V nandritra ny tafa tamin'ny vahoakan'ny boriborintany fahadimy tao Morarano, noho ity fokontany ity maro olona marefo ara-pivelomana indrindra. Olona 400 ireo nisitraka fanampiana omaly. Nandritra an'ity hetsika ity dia efa nirary soa sy fety sambatra ho an'ny mponin'ny boriborintany fahadimy sy ny Malagasy rehetra ny solombavambahoaka mivady. Fantatra fa ny fokontanin'i Morarano no anisan'ny nandresen'ny Filoha Andry Rajoelina sy nahazoany vato be indrindra tamin'ny fifidianana farany teo.

**Asa sosialy**

Samy nomena satroky ny dadabe Noely avokoa ireo raiamandreny rehetra nanatrika an'ity hetsika ity. Nisy ny fanapahana ny mofomamy nentina nanamarika sahady fa ho avy ny Krisimasy sy hitsenana ny taona vaovao 2024. *"Entinay mivady miara-mifety aminareo ihany koa ny mofomamy noho ny nahalany ny solombavambahoaka Naivo Raholdina, filoha lefitry ny Antenimieram-pirenena ny Depiotentsika misahana ny Faritanin'Antananarivo, ny hira hoe arahabaina no niarahan'ny rehetra mifaly sy niarahabana azy voafidy amin'io toerana io"*, hoy hatrany Rtoa Hanitriniala Raholdina, filohan'ny fikambanana Fanantenana FAFI V. Nomarihin'ity farany fa *"asa sosialy efa fanaon'izy ireo isan-taona nandritra ny 20 taona mahery izao natao izao. Fanantenana vaovao no andrandraintsika amin'ny taona 2024 ho avy io"*, hoy hatrany ny filohan'ny fikambanana Fanantenana FAFI V. Noho ny hamaroan'ny olona tonga be dia be tamin'ity hetsika ity dia inenina nisy fidirana ny fizarana natao ho an'ireo fianakaviana marefo arapivelomana.

**Heriniaina A.**

Vaovao mahaliana ve ?
Gazetiko vakiana e !

Pavillon Analakely

# Mivangogo manerana ny arabe ny fako





Ny bisikileta sy ny moto ary olona aza sahirana vao afaka mandeha eo amin'ilay arabe.

Miharihary toy ny vay an-kandrina, sady maharary no mahamenatra. Izay no mahalaza ny zavamisy eto Antananarivo Renivohitra. Eo Analakely, ambadiky ny pavillon, tsy afaka mifamezivezy ny fiara satria mitobaka eo afovoan'arabe ny fako. Na bisikileta sy moto ary ny olona aza mahatsiaro sahirana vao afaka mandeha eo amin'ilay lalana. Mahavariana anefa fa dia feno mpiantsena ary ifamezivezen'ny sokajin'olona rehetra izany toerana izany, saingy tsy tonga any amin'ny kaominina ve ny tatitra mikasika azy io ? Tsy mampino, satria misy ny mpiasan'ny kaominina manadio ny arabe, maka ticket sy ny maro hafa mifamezivezy eo. Ny ankamaroan'ny arabe eto Antananarivo ihany koa efa saika vita avokoa, fa iny ao ambadiky ny pavillon Analakely hatrany Ambodifilao iny no feno lavaka sady potika tanteraka tsy misy mpanamboatra. Mitarika fitohanana lavareny izany lalana simba izany, miaraka amin'ny fako eo afovoan' arabe. Etsy Anosibe, tsy lazaina intsony ny zavamisy satria eo ambony fako mihitsy no mivarotra ny olona. Efa nilaza fa manampy ny faritra Analamanga saingy betsaka loatra ihany koa ny fakon'Antananarivo amin' izao ankatoky ny fety izao ka dia izao hita izao ny zavamisy.

**Nath**

Soaniadanana

# Tamboho nirodana tany an-tafontranon'olona

Nandritra ny orambe nirotsaka ny alarobia lasa teo, tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany alina, dia tamboho fototra vato no nirodana tany ambony tafon-tranon' olona. Tany Soaniadanana no nitranga ny loza. Soa fa tsy nisy aina nafoy ary tsy nisy ny naratra. Na izany aza, simba ilay trano gasy nianjeran'ilay tamboho, toy izao hita amin'ny sary izao. Tokony hisy fandraisana fepetra haingana eo anoloan' izao loza izao, satria nambaran'ny mponina fa mbola ahiana ny momba ilay fotodrafitrasa, na tamboho, any an-toerana. Mbola misy mpianatra mivezivezy ihany koa, mpianatra indrindra indrindra eo amin' ny manodidina eo tokony hojerena manokana. Efa nampahafantatra ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa ho betsaka tsy toy ny mahazatra ny rotsak'orana hisy eto Analamanga, Itasy ary Vakinankaratra tamin'ny alarobia ary dia tena nifafy tokoa. Betsaka ihany koa ireo fotodrafitrasa tsy manaraka ny fenitra amin'ny fanamboarana azy ka mahatonga loza toy izao. Eto amintsika dia betsaka ireo mpanao trano no tsy matihanina na ihany koa ilay tompon'ny asa mihitsy no mitsitsy. Ny fitaovana ampiasaina ihany koa iarahan'ny rehetra mahalala fa misy ny hosoka, toy ireo vy vita sinoa, na ny biriky izay tsy masaka tsara kanefa maika vola ny tompony dia alefa fotsiny.




Toy izao amin'ny sary izao ny fahavoazana nitranga tamin'ilay tamboho nirodana.

**Nath**

Cisco Mandritsara

# 10 volana tsy nandray tambin-karama ireo mpampianatra ENF/SUB




Nilanja sorabaventy ireo mpampianatra ENF SUB mangataka ny hamoahana ny volan'izy ireo.

Velon-taraina ka nilanja sorabaventy teo anoloan'ny biraon'ny Cisco Mandritsara ireo mpampianatra ENF/SUB. Folo volana mantsy izy ireo no tsy nandray tambin-karama na "subvention". Vokatr'izany, lasa mitrosa etsy sy eroa mba hahafahana mamelona vady aman-janaka. Ny volan'ny banky tsy azo ampandeferina ary tsy mahazo marary ny fianakaviana, satria tsy misy vola hividianana fanafody. Ny zanaka etsy ankilan' izany lasa mitsoaka andaharana, satria tsy zarizary ny sakafo moa voasarika hikarama. Ny vady lasa nandao, ary ny tena loza ny sakafo anio tadiavina anio. Santionany amin'ny fitarainan'ireo mpampianatra ireo mba hilazany fa mafy ny manjo azy ireo. Manao antso avo amin'ny fitondrampanjakana mba hijery vahaolana, satria anatin'ny fety isika, kanefa tsy mba ho toy ny zanaky ny olon-drehetra ny an'ireto mpampianatra ENF/SUB ireto.

**Nath**

Fitohanan'ny fiara

## Ora roa no hanaovana an'i Tanjombato - Analakely

Mitohana izay tsy izy ny fifamoivoizana eto Antananarivo amin'izao faran'ny herinandro izao. Mandany ora iray ny olona miandry taxibe ary ora roa ao anaty fiara fitaterambahoaka miaritra fitohanan'ny fiara. Mbola ho betsaka noho ny fitohanana nisy nanomboka ny alarobia teo ny zavatra hiseho manomboka anio zoma, satria izay vao samy hivoaka hiantsena ny ankamaroan'ny olona. Mividy fanomezana, sakafo ary akanjo entina mivavaka amin'ny krismasy. Amin'ny faran'ny herinandro rahateo vao manampotoana sy tsy miasa ny ankamaroan'ny olona. Efa sarotra ny miditra ao Analakely sy Tsaralalàna rehetra iny, eny na handeha an-tongotra aza. Ny mitondra ankizy kely efa tsy tokony hatao intsony, satria sady mafana ny andro no mifanaretsaka ny olona. Isotry, Tsaralalàna, Behoririka, Anosy, Analakely , Antanimena, Ankorondrano, 67Ha, Ankasina, Tanjombato, Fasan'ny karàna ary Ambohijatovo samy ahitana izany fitohanana izany avokoa.
Maro ihany koa anefa ireo fianakaviana mifidy ny hisintaka kely hiala ny renivohitra amin'izao faran'ny herinandro izao. Somary lava kokoa noho ny mahazatra mantsy, satria mitontona alatsinainy, ny 25 desambra 2023. Misy ihany koa ireo naka « congé » lavalava mihitsy ka aorian'ny 1 janoary 2024 mihitsy vao miverina eto. Efa ao anatin'ny fialan-tsasatra rahateo ny mpianatra ka manan-tsafidy tsara ny rehetra. Tsy vitsy ny manatona ray aman-dreny amin'izao tonon-taona izao.

**Nath**

Krismasy

## Mahatsiaro ireo sahirana ny fiangonana FVKFM

Marary ao amin'ny CHUJRA no novangian'ny fiangonana FVKFM omaly. Nitondra fanampiana, sakafo azo tehirizina, sy kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro ho an'ny fianakavian'ireo marary an-jatony izy ireo, ary kilalao ho an'ny ankizy 60. « Noël des hôpitaux », hetsika efa fanaon'ny FVKFM isan-taona hanaovana asa sosialy eny amin'ny hopitaly manerana ny Nosy. Miara-miasa amin'ny "Service" sosialy eny anivon'ny hopitaly izy ireo amin'ny fifantenana ireo tokony hisitraka izany. Tamin'ny taona 2007 no nanomboka izany asa sosialy izany izy ireo, izany hoe andiany faha-16, tsy nisy fitsaharana mihitsy. Anisan'ny nisitraka izany tolotra izany i Michèle, zaza herintaona sy 5 volana tsaboina ao amin'ny HJRA rehefa narary. Araka ny fitantaran'ny mamany, ny mpiray tampo aminy no manohana azy efa-mianaka, kanefa manana ny manahirana azy ihany koa ka tsy afaka manampy foana. *"Ticket 100 no fanomezana natolotray ho an'ireo fianakaviana sahirana, izay hahazoana PPN sy zavatra ilaina amin'ny andavanandro. Ankizy 60 kosa no hizarana kilalao"*, hoy Randria-nantenaina Peniela, mpino ao amin'ny FVKFM. Isan-taona dia tsy maintsy mikarakara ity «Noël des hôpitaux» ity ny FVKFM, fa ankoatra izay dia misy ihany koa ireo asa sosialy marobe ataon'izy ireo. Anisan'izany ireo asa soa atao eo anivon'ny fiangonana, fanomezan-drà indray na indroa isan-taona, fanabeazana ny tanora, fikarakarana ireo zokiolona, fanatanterahana mariazy miaramizotra, fizarana sakafo eny an-dalana ho an'ireo mahantra sy sahirana ary mazava ho azy ny andraikitra ara-panahy.

*Ankoatra ny fanampiana rehefa noely, manome rà, manolotra sakafo mafana ho an'ny mahantra, mijery ireo zokiolona sy tanora ny fiangonana FVKFM.*

**Nath**




Nahazo kilalao ireo ankizy ary sakafo ny fianakaviana nandritra ny "Noël des hôpitaux" nataon'ny fiangonana FVKFM.

# TENY REHETRA TENY

Sary : Kelly R.



Mitohy hatrany ny filaharambe izarana jiro, eny amin'ny " Stade des Cheminots ".



Nitandavana hatreny amin'ny banky, etsy Antanimena ny filaharana.



Tsy lany laniana ny jiro miloko volomboasary, zaraina amin'ny vahoaka sahirana.



Misy mpitandro filaminana miandraikitra fotsiny ny fanaraha-maso ireo  vahoaka milahatra.



Niaraka nifety sy nisakafo teny Analamanga Park ireo mpiara-miasa ao amin'ny faritra Analamanga.



Rtoa Mbola Ramesy, governoran'Analamanga mpisolo toerana miaraka amin'ny ekipany.



Nisy ihany koa ny zumba sy ny fiarahana mihira ary nandihy.

## Sarisary zary tenany

**Akoho vahiny**




## Hatsikana an-tsary

**Hamono tena**




## Masoandro Miposaka

**Salamo 57 : 2**

Mamindrà fo amiko. Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko; fa Hianao no ialofan'ny fanahiko; eny, ao amin'ny aloky ny elatrao no ialofako, mandra-pahalasan'ny loza.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aza manaiki-dany roa toa dinta.**

Ne mordez pas des deux côtés à la fois comme une sangsue.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3131**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | 2 | | 9 | 7 |
| 8 | 6 | | 9 | | | | | 1 |
| | 7 | | 1 | | 8 | | 3 | |
| 5 | | 7 | | 1 | | | | 3 |
| 3 | | | 8 | | 6 | | | |
| 2 | | | 7 | | | 1 | 8 | 9 |
| | 3 | 5 | 2 | | | 9 | | |
| | 1 | | 5 | 8 | 4 | | | 6 |
| | 2 | | | | | | 1 | 5 |

Valin'ny laharana **3130**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 5 | 4 | 6 | 3 | 9 | 2 | 1 | 7 |
| 6 | 2 | 1 | 7 | 5 | 8 | 3 | 9 | 4 |
| 3 | 7 | 9 | 2 | 1 | 4 | 5 | 8 | 6 |
| 2 | 1 | 3 | 5 | 4 | 6 | 8 | 7 | 9 |
| 7 | 9 | 6 | 3 | 8 | 1 | 4 | 2 | 5 |
| 5 | 4 | 8 | 9 | 7 | 2 | 1 | 6 | 3 |
| 1 | 3 | 2 | 4 | 6 | 7 | 9 | 5 | 8 |
| 4 | 8 | 7 | 1 | 9 | 5 | 6 | 3 | 2 |
| 9 | 6 | 5 | 8 | 2 | 3 | 7 | 4 | 1 |

DREDD Vakinankaratra

## Zanakazo 720 000 isa no hovolena manerana ny faritra



**Misokatra ho an'ny rehetra ny fakana zanakazo ao amin'ny DREDD (sary Andry N.)**

Herinandro izao no nisokafan'ny fizarana zanakazo ho an'ny faritra Vakinankaratra, iandraiketan'ny fitalevam-paritry ny tontolo iaianana sy fampandrosana lovain-jafy. Eny Tsaratanana sy ao amin'ny sampandraharaham-paritry ny tontolo iainana no ahafahana maka ny zana-kazo.

Maimaimpoana ny fizarana saingy misy dingana tsy maintsy arahina ho an'ireo hangataka zanakazo. Isan'izany ny famenoana ilay taratasy efa voatokana amin'izany. Efa ho iray volana izao no nahafahana nameno io taratasy io. Ankoatra izay dia tsy maintsy takina ihany koa ny kaopi-an'ny fananan-tany, na taratasy manamarina avy amin'ny fokontany fa tena misy tokoa ilay tany hambolena hazo.

Mahatratra 720.000 isa ny zana-kazo hovelena manerana ny faritra'i vakinankaratra, hoy Rtoa Tojotsara Ratefason, talem-paritry ny tontolo iainana sy fampandrosoana lovain-jafy eto Vakinankaratra.

Efa anatin'ny vanim-potoanan'ny rotsak'orana tanteraka ny faritra vakinankaratra amin'izao ka noho izany dia hisy ny fambolen-kazo lehibe hotanterihina ny faha-22 desambra ho avy izao, eny Antsampandrano, kaominina Ambohibary. Azo ambara ho fanamarihana ny fiantombohan'ny fambolena zanakazo ihany ity hetsika ity, satria efa fotoanany izao.

Velaran-tany 5 hektara no ezahina hovolena, ary hitondra zana-kazo vaovao ny fitaleavam-paritra amin'ity fambolena ity fa hajanona mihitsy aloha ny kesika. Tsara ny manamarika fa maro ny karazan-janakazo maro samihafa vokarin'ny sampandraharaham-paritry ny tontolo iainana, ary misy hatramin'ny zanakazo fihinam-boa isan-karazany.

**Andry N.**

Mahasolo

## Mpivady maty tsy tra-drano

Mpivady mipetraka any Antsevabe,fokontany Bezavona, ao amin'ny kaominina Mahasolo, hita ao amin'ny distrikan'i Tsiroanimandidy, no maty tsy tra-drano. Avy niantsena izy ireo no nisy namono, tsatoka antsy be dia be no nahazo azy ireo. Noho izany dia tsy tana ny ainy. Voalaza fa tsy nisy very ny entana teny amin'izy ireo . Efa eo am-pelatanan'ny manam-pahefana ny raharaha ary efa mandeha ny fanadihadihana.

**Rablaise**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 448 - 12 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Patsamena sy anamalao asiana sosety

**Zavatra ilaina** : patsamena fahefa-kapoaka eo, Anamalao kely, sosety araka izay ampy ho an'ny ao antrano, menaka, sira.

**Fikarakarana azy** : Hafanaina ny menaka 1 sotro. Arotsaka ny patsa rehefa voadio tsara ...avela ho mendimendy, arotsaka ny tongolo oignon, ary avy eo arotsaka ny sosety. Tampohina rano kely ary avela ho masaka. Atao ketsaketsa. 5mn alohan'ny hibatana azy no arotsaka ny anamalao.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**16 au 22 décembre 2023**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- ANKAZOMANGA - 020 23 302 68/032 12 714 17
- MAEVASOA - Castello Anosizato - 034 39 186 69
- ANKAZOTOKANA - Ambanidia - 020 22 354 42
- RAZAFIMANDRANTO - Analakely - 020 22 234 04
- FANOMEZANTSOA - Ambondrona - 020 22 286 85

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa My Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO

## TELEVIZIONA

MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Comédie
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Romantique
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Film Action
22.30 : Film Dramatique
00.00 : Journal international
00.45 : Documentaire
02.30 : Film Frisson
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®

TV PLUS MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
04.00 : JINGLE
04.15 : HIRA MASINA
04.40 : DESSINS ANIMES
05.00 : STAND OUT
05.25 : ABC de la culture
05.30 : NY VAOVAO ®

06.30 : BUONGIORNO
08.00 : Petites Annonces
08.05 : MADA PRO
08.20 : MPRO
08.35 : ALLCOM
08.50 : BM PROD
09.15 : Série
10.00 : MIANDRY VAZO
12.00 : EDITION SPECIALE
12.15 : FRANCE 24
12.25 : ABC de la culture
12.30 : Petites Annonces
12.35 : MPRO
12.50 : MADA PRO
13.00 : CINEMAPLUS
15.00 : Edition spéciale
15.15 : BUONGIORNO ®
15.45 : Série
16.35 : Série Manga
16.57 : Série Manga
17.19 : ABC de la culture
17.24 : MIRITSOKA
18.00 : TITRE
18.05 : PASY GASY
18.25 : Petites Annonces
18.30 : LE JOURNAL
18.45 : SERIE
19.13 : SOMMAIRE BUONGIORNO
19.30 : VAOVAO
21.00 : CINEMAPLUS
22.30 : VAOVAO ®
23.15 : CINEMAPLUS
00.45 : JOURNAL ®
01.00 : Série
03.30 : FRANCE 24

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination Malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

VIVA

01.15 : Film
02.51 : Film
04.21 : Clips : Misy Raha ®
04.51 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.33 : Culte : Tsara taiza
05.38 : Information : Minute Fihariana ®
05.41 : Clips : Chritian music
06.00 : Magazine de services : Viva MORNING SHOW
07.30 : Série comédie : Série 9-1-1
08.20 : Série : Série Star Wars : The Clone Wars
08.43 : Série : Série High School Musical
09.13 : Série : Série DECEPTION L'illusionniste (Cameron Black) ®
10.03 : Film
11.29 : Série k-drama : Série The GoodBad Mother ®
12.39 : Viva Prod : LALANA ®
12.49 : Journal : Flash Actus
12.59 : Clips : je prie pour Madagascar - ELIANDRY
13.14 : Clips : Misy Raha
13.44 : Film
15.36 : Télé Achat : Viva shopping ®
15.54 : Sport : Top Chrono ®
16.20 : Série k-drama : Série The GoodBad Mother
17.30 : Série Action : SILO (-12) ®
18.30 : Viva Prod : Game in ®
19.03 : BET 261
19.30 : Viva Prod : Viva Évènement VM Météo
20.30 : Viva Prod : Viva Évènement VF
20.50 : Talk-show : DATA
21.22 : Film
23.17 : Viva Prod : Viva Évènement ®
23.57 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

*************

Gazetiko

## TELEFAONINA ILAINA

ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47
- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO

Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## Akon'ny Basket-Ball Vakinankaratra

*Ankoatra an'Analamanga dia anisan'ny ligim-paritra mihetsiketsika tokoa i Vakinankaratra eo amin'ny fampiroboroboana ny basket-ball any amin'ny fari-piadidiany (LRBBV). Tsy atao mahagaga izany fa lehilahy tsy atoro voanjo hadiana amin'ny filalaovana an'ity taranja ity ny mpitantana azy. Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony i Mickaël Ralalaharison " Mika " dia nanompana ny tenany amin'ny fitantanana ny liginy, izay ahitana klioba maro, ary mandray anjara amin'ny sokajintaona amin'izao fotoana izao. Tsy eo amin'ny lafiny fifaninanana ara-panatanjahantena ihany no imasoan'ny liginy fa ny fifampitsinjovana ny lafiny ara-tsôsialy amin'ny maha olombelona*

## Nodimandry Rasitefanoelina Zakarivony Roland Désiré



Tsy nikely soroka ... !

Misaona ny tontolon'ny basket-ball fa nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny alatsinainy 18 desambra 2023, teo amin'ny faha-72 taona niainany Atoa Rasitefanoelina Zakarivony Roland Désiré, izay nanokana ny tenany tamin'ny fampandrosoana ny taranja basket-ball tany amin'ny faritr'i Vakinankaratra iny, na dia efa nahazoazo taona aza. Mialoha ny naha filoha lefitry ny ligin'i Vakinankaratra azy dia efa nisahana ny asan'ny sekretera jeneraly ihany koa ny tenany. Azo lazaina fa hentitra tamin'ny fitantanana ny ligin'i Vakinankaratra izy ka izany no anisan'ny nitazoman'i Mika azy tamin'ny toerany. Araka ny fanamarihana voaray dia aretina diabeta no nitaiza azy. Niafara tamin'ny fahavoazan'ny voany, ary nitarika ny fahafatesany, na dia nialana nenina tany amin'ny hopitaly aza. Nandrasana tany amin'ny fokontanin'i Tsarasaotra ny razana (Route d'Ambositra), ary nafindra tany Ambohimanatrika Vaninkarena omaly. Anio tolakandro no hanaovana ny fandevenana. Hatao veloma farany sy hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny FLM Vinaninkarena, mialoha ny hanitrihana ny vatana mangatsiakany any amin'ny fasandrazany any an-toerana ihany. Namela an-dRtoa Ralisoa Alice ho mananontena sy kamboty efatra mianadahy, ary zafikely sy taiza maro Rasitefa. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia maneho fiaraha-miory sy fampaherezana ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviany ary ny Ligin'i Vakinankaratra

## Voin-kava mahatratra !

Manoloana ny tsy fahasalamana mianjady amin'i Alexis, zanaky ny mpanazatra Tony, tomponandraikitra ara-tekinika voalohan' ny JEA, sokajy N1A vehivavy, dia nanao fanangonam-bola, izay voatsirambin'ny tanana, ny fianakaviamben'ny basket-ball tany Vakinankaratra, nahitana ny mpilalao – mpitantana – mpanazatra – mpitsara lalao – olona tsotra… Amin' ny fanaovana asa soa tahaka izao, dia tsy ny vola voaangona loatra, na dia tena ilaina tokoa amin'ny fampandehanana ny fitsaboana aza, no tena zavadehibe fa ny fiaraha-mientana, izay fanomezana hery sy tanjaka ho an'ny tsy salama.

### Fanofanana "Young Coach"

## Namoaka mpanazatra 20 mianadahy

Ankoatra ny fifaninanam-pariny dia tsy ataon'ny LRBBV ambanin-javatra mihitsy ihany koa ny fanomezana fiofanana ny mpanazatrany. Nahazo ny anjara masoandrony tamin'ity faramparan'ny taona ity ny misahana an'ireo sokajy zandriny. Toy ny mahazatra ny mpitantana aratekinika ao amin'ny federasionina hatramin'izay moa dia ny tanora no entaniny voalohany, hiatrika ny fanofanana, hamolavola ny ankizy madinika, izay fototry ny fahaizamanao amin'ny filalaovana basket-ball. Nahatratra 20 mianadahy ny isan'ireo mpiofana, andiany "Vonona", ka ny anankiroa tamin'izany no vehivavy. Nitarika ny fanofanana ny DTN Angelot Solofohery Razafiarivony, notronin'ny mpanazatra Helina Randrianjatovo sy Francky Arnaud Rajonson, Filohan'ny mpanazatra eto Madagasi-kara. Nanome voninahitra ny fotoam-pamoahana ny mpiofana, Atoa isany Pascal Rasaony (Sersera FMBB) - Landy Razafidandy (SG - LRBBV) - Mickaël Ralalaharison (Pdt LRBBV) - Nambinina Rakotoasimbola (Filoha Mpa-nazatra) - José Ranaivoson (Filoha Mpitsara lalao). **aris rafaly**



Namoaka andiany VONONA !

FILAZANA STAR

STAR dia mampahafantatra, fa noho ny tsy fifanarahana ara-barotra izay tsy mbola nisy hatrizay, ireo zava-pisotro, Vita Malagasy vokariny, dia mety ihavitsy eny amin'ireo tranombarotra Super U.

Manome toky ny mpanjifany anefa ny STAR fa fivarotana 10 amin'ireo 25 000 mpandray ny vokatra STAR isan'andro manerana ny Nosy ihany no voakasik'izany.

Ny ekipa Star rehetra dia mirary fetin'ny faran'ny taona feno fifaliana ho anareo miaraka amin'ireo zava-pisotro efa nankafizinareo hatramin'izay

Ny Mpitantana

MAMPIDI-DOZA HO AN'NY FAHASALAMANA NY FISOTROANA ALIKAOLA BE LOATRA - MISOTROA AM-PAMENDREHANA

GCL 702/5-4


Telma
NOELY SAMBATRA
Fotoana mamy indrindra
ny mizara hafaliana
www.telma.mg
Telma Madagascar
GCL 690/1-1